AKADEMIA MALAGASY
FANOKAFANA NY IRAY VOLAN'NY
TENY MALAGASY, 01 JONA 2026

# FANAVAOZANA SY FANORENANA IFOTONY NY FIRENENA: JERY VAOVAO MOMBANA VOAMBOLANA SY VOANKEVITRA VITSIVITSY NOFINIDY

Prof RAFOLO ANDRIANAIVOARIVONY
MPIKAMBANA MAHEFA, Sokajy Faharoa

Vao haingana ny namana mpampianatra mpikaroka tao amin'ny Toeram-pampianarana Ambony momba ny Teny sy Haisoratra ary Haiolona eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo no nanao atrikasa momba ny Fanavaozana sy fanorenana ifotony ny Firenena ary nanolotra ny vokatr'izany tam-pahibemaso sy ho an'ny Mpitondra.

Ho fameno sy fanohizana ny natao teny Ankatso, dia indro misy tolotra fohy amin'ny alalan'ny voambolana sy voankevitra vitsivitsy jerena amin'ny maso sy fisainana vaovao. Voambolana sy voankevitra momba ny tany honenantsika sy ny endri-pitondran' azy ary ny handraisan'ny saina azy no ho jerentsika vetivety satria ny fotoana tsy azo ivalamparana.

Ireto ireo voambolana sy voankevitra nofinidy ho jerena amin'ny maso sy fisainana vaovao:

- Madagasikara,
- Tanin-drazana
- Fanjakana ary
- Repoblika.

Hita araka ireo voambolana sy voankevitra ireo fa ny tokontanibe hitondrana ny fanavaozana sy ny fanorenana ifotony ny Firenena no ho fakafakaina amina fijery vaovao.

## I – MADAGASIKARA

Sehatra sy banja hiompanan'ny fanavaozana sy fanorenana ifotony i Madagasikara ka mety indrindra raha jerena ny momba ilay voambolana.
Fanontaniana roa no apetraka sy ho valiana momba izany.
Voalohany: inona no dikan'io anarana io ara-tsiansa?
Faharoa: inona ny toetrany ara-jeôgrafia sy hanondroana azy?
Valiny: rehefa rasaina ilay anarana, dia teny roa no hita:
MADAGASY + (miampy) KARA
Ny MADAGASY dia manome MALAGASY rehefa soloina L ny D ary mazava fa ilazana sy iantsoana ny mponina io voambolana io.
Ny KARA kosa dia ilazana ny vato ary hita tsara amin'ireto anarana ireto: ANKARANA (tanim-bato), ANTAKARANA (mponina amin'ny tanim-bato); ny fototeny dia HARA, hita amin'ny hoe IHARANA (anaran'I Vohimaro taloha) sy IHARANANDRIANA (iray amin'ireo Tendrombohitra manan-kasina 12 eto Imerina). Ny haintso amin'ny HARA dia miova ho Ke rehefa atao ny fanakambanan-teny:
MALAGASY + HARA dia lasa MADAGASIKARA
Ny dikan'ny hoe MADAGASIKARA izany dia "VATON'NY MALAGASY" ary ny hay momba ny Tany (ny zeôlôjia izany), dia milaza tsara fa ny androatokon'I Madagasikara dia vato daholo, hita amin'ny haabo 800 metatra no miakatra.
Faharoa, disoin'ny maro ny toetr'i Madagasikara ara-jeôgrafia! "Nosy i Madagasikara" hoy ny maro amintsika, "Nosy Lehibe" hoy ny mpanao gazety sy ny vahiny ary ny filazana izany anefa dia manaisotra sy manao ho tsy misy ireo nosy sy tangoronosy marobe manodidina ny Tany Be:

nosy Boraha, nosy Mangabe, tangoronosy Ankao (eo anelanelan'I Iharana sy Antsiranana), nosy Lonjo, tangoronosy Mitsio (nosy Ankarea, nosy Efadahy ary nosy Mitsio be), tangoronosin'i Nosy Be (Nosy Be, nosy Komba, nosy Tsarabanjina, sns…), tangoronosy Radama (ampitan'I Maromandia), Nosy Lava, nosy Antsoheribory (ao amin'ny helodranon'I Boina), nosy Barren (atsimon'i Maintirano), ireo nosy miparitaka ao amin'ny lakan-dranon'i Masombika (Juan de Nova, Bassas da India, Europa) sy ao avaratra ary atsinanantsika (Glorieuses sy Tromelin) ary Nosy Ve (ampitan'i Saint-Augustin).

Fehiny: tsy NOSY izany i Madagasikara fa TANGORONOSY ary ny nosy lehibe indrindra amin'ny nosy rehetra no nanome ny anarany iantsoana sy anondroana ny rehetra. Ara-panjakana sy ara-diplômasia, dia "Repoblikan'i Madagasikara" no iantsoana azy, hafohezina ho "Madagasikara". Amin'izay lafin-javatra izay, dia mitovy tanteraka amin'i Maorisy isika izay tangoronosy ihany koa, ahitana an'i Maorisy, Rodrigues, Chagos misy an'I Diégo Garcia sns.

Raha iverenana kely ny tantara, raha nandray ny fitantanana antsika ny Frantsay fony Fanjanahantany dia nataony hoe "Madagasikara sy ny miaraka aminy"! Mazava be izany! Raha ny Mpanjanaka aza, nanana izany fiheverana sy fijery izany dia isika Malagasy ankehitriny indray ve no hanondro foana an'i Madagasikara ho "Nosy Lehibe"? Tsia dia tsia!.Mila ahitsy izany ny famaritana ny atao hoe Madagasikara na ao an-tsaintsika na any amin'ny diksionera ka apetraka sy antsoina tsara hoe "Tangoronosin'i Madagasikara".

## II – TANIN-DRAZANA/TANINDRAZANA

Tsy ho lava taria aho eto: antsointsika hoe "Tanin-drazana" i Madagasikara. Marina tokoa fa ny razana no nampita an'i Madagasikara

ho lovantsika kanefa isika kosa, tsy mitodika amin'ny Razana fotsiny fa mihary sy manao zavatra ary manangana ho an'ny taranaka sy zanaka amam-para; noho izany, mila hovaina ny toetsaina ka tsy atao intsony hoe "Tanindrazana" i Madagasikara fa TANINJAFY, mitodika amin'ny velona sy ny ho avy isika amin'izay fa tsy mitodika amin'ny maty efa lasan-ko razana! Raha manao izany anefa isika tsy hitsipa-doha laka-nitàna, sanatria. Amin'ny Fanavaozana sy Fanorenana ifotony ny Firenena izany dia TANINJAFY i Madagasikara fa tsy "Tanin-drazana". Ny tanin-drazana kosa, dia ny tany misy ny fasana sy nonenan'ny razana nipoiran'ny tsirairay. Rehefa lalim-paka ao amin'ny tsirairay fa Taninjanaka ny tangoronosintsika, dia tsy hanimba azy intsony isika amin'ny tavy, ny tetikala, ny doro-tanety ary ny fanaovana risoriso ny andramena sy ny bibidia toy ny sokake sy gidro ary tarôndro.

**III – FANJAKANA – REPOBLIKA**

Ho jerentsika miaraka ireto voankevitra mifanipaka ireto ary izay fifanipahana izay no isan'ny mampikorontana lava antsika. Tsy afa-miaraka tokoa ny FANJAKANA sy ny REPOBLIKA rehefa jerena lalina ny hevitra fonosin'izy roroa.

Ny Fanjakana dia miaraka amin'ny JAKA izay hasina avy amin'ny razana (na indraindray avy amin'ny vahoaka) ary manome fahefana lovain-janaka; ny Fanjakana koa ara-poto-kevitra, dia miaraka amina MPANJAKA ary ifandovana ny fitantanana sy fitondrana azy. Io kolontsaina pôlitika io no niainan'ny Afrikana sy isika Malagasy talohan'ny fanjanahantany sy mandraka ankehitriny aza ho an'ny Firenena Afrikana maro: jereo ohatra i Togo, i Cameroun, i Gabon raha tsy ilaza afatsy ireo isika ary ny roa hafa aza, dia tsy nisalasala nivadika ho ampira mihitsy, dia i Ouganda (Amperora Idi Amine Dada) sy

Centrafrique (Amperora Jean Bedel Bokassa). Ho an'ny filohan'ny Repoblika afrikanina maro, dia mitafy jaka izy ary mitondra Fanjakana!

Ny sata sy rafitra pôlitika ao amin'ny lalam-panorenany anefa dia REPOBLIKA, izany hoe "FITONDRANA NY ZAVA-BAHOAKA na Raharaham-Bahoaka (*Res Publica* amin'ny teny latinina); ary satria ny vahoaka tsy afaka hiara-hitondra ny raharahany noho ny hamaroany, dia mifidy na manendry solontenany izy hisahana izany fitantanan-draharaha izany. Fitondram-bahoaka izany no ao ambadiky ny Repoblika izay entin'ny vahoaka amin'ny alalan'ny solontenany.

Rehefa fintinina izany, dia tsy FANJAKANA velively no entin'ny REPOBLIKA fa Raharaham-bahoaka ary Fitondram-Bahoaka no endriny. Ny Fanavaozana sy fanorenana ifotony ny Firenena izany, dia mitaky fiovana mahery vaika eo amin'ny foto-pisainana sy ny kolontsaina, na ny Mpitondra na ny Vahoaka entina, ka ny andaniny mametraka foana ao an-tsaina hoe "mitondra vahoaka sy ny raharahany" fa tsy mitondra Fanjakana ary ny ankilany, tsy hieritreritra fa solon'ny Mpanjaka ny Mpitondra ary tsy hanandratr'azy ho "ray aman-dreny mpiahy".

Faranana ny resaka. Tolotra sy petrakevitra avy tamin'ny olompirenena zokiolona iray mpandinika tantara ny voalaza ka avereno any aminy raha misy tsy telina. Tsy ireo voambolana sy voankevitra efatra ireo ihany no mila jerena hitondrana fanavaozana fa ireo aloha no azo naroso androany.
Mirary ny Firenena hiroso am-pahombiazana amin'ny fanavaozana kinendriny.